

**28 jiona 2010.  
16 Tamouz 5770.**

**Manara-dia an'i Jesosy.**

**« Ary Jesosy nijery azy tsara, dia tia azy ka nanao taminy hoe: Diso zavatra iray loha ianao; mandehana, amidio izay rehetra anananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy... »**

Marka 10:21

Tsy nangataka an'ilay zatovo mpanan-karena zavatra hafa afa-tsy fanoloran-tena ho amin'ny làlana izay efa ho hialohavany Jesosy. Ny làlana feno tsilon'ny fandraisana andraikitra dia mora harahina raha hitantsika ny dian-tongotry ny Mpampianatra izay efa nandamaka ny rantsana maranitra tamin'izany làlana izany. Naniry handray ho eo Aminy ilay mpitarika tanora manan-talenta Kristy raha nilefitra tamin'ny fepetrany izy, tahaka ny nandraisany ireo mpanarato izay nantsoiny hanaraka Azy.

Ny fahakingan'ilay zazalahy tanora hanangona harena dia tsy manameloka azy akory raha ohatra ka manamptiavana ireo namany izy ka tsy manambaka hanànan-karena. Io fahaiza-manao io raha nampiasaina ho amin'ny asan'Andriamanitra ho amin'ny ezaka famonjena ireo fanahy eo andalam-pahaverezana dia nety nahazo ny fankasitrahany Mpampianatra avy any an-danitra ka ho nahatonga io zazalahy io ho mpiasa mendrika sy mahomby ho an'i Kristy. Kanjo nandà ny tombotsoa mampiantanentana hiara-miasa amin'i Kristy ho amin'ny asa famonjena ny fanahy izy; nalehony nitodika ivoho ny harembevava be voninahitry ny fanjakan'Andriamanitra nampanantenaina azy ka nihazakazaka namonjy ny haren'izao tontoloizao mandalo. Mampiseho karazan'olona maro izay mety ho kristianina mahafatrapo io mpitarika tanora io raha toa ka tsy hibaby hazofijaliana izy, na koa tsy hivesatra fanaratsiana, na tombotsoa ara-nofo atao sorona ; na fandàvana ara-pitaovana na arapihetsehampohavela. Nametrahan'Andriamanitra fananana sy talenta maro izy ary miandry tambiny amifanarakaamin'izany. Izay heverintsika fa fananan-tsika raha ny marina dia tsy antsika akory ka tokony hampiasaina hanompoana ilaynanome antsika izany. -- Review and Herald, 21 mars 1878


Mahàlana ny finoana eo amin'ireo mpanan-karena.- Ny finoana mivaingana izany hoe finoana marina dia ilay misehoamin'ny alalan'ny asa dia vitsy any amin'ireo mpanan-karena. Kanefa ireo izay manana izany dia mety hanampahefanalalina. Maka tahaka an'i Kristy izy ireo amin'ny asa tsy mila tambiny sy amin'ny finiavany hiasa amin'ny famonjena fanahy.Ny mpianatr'i Kristy , tahaka ny Mpampianatra azy ihany dia tokony hanao ny famonjena ny fanahy ho zavatra manalanja lehibe. Tokony hampiseho fitiavana ampo ny asan'ny Mpanavotra malala izy ary tokony hiasa amin'ny fony rehetra hoan'ireo izay navotany tamin'ny ràny. Inona no lanjan'ny vola, trano na tany raha amptahaina amin'ny fanahy iray?

Ny harena dia tsy takalombidy ho an'ny mpandika làlana. - Ny harem-bevava na maro toy inona aza dia tsy afaka manafina na fahotàna bitika iray aza. Na harena na fananan-tsaina dia tsy afa ho heverina fa azo hatao takalombidy ho an'ny mpandika làlana. Ny fiaikan-keloka, ny fanetretena marina, fo vaky sy fanahy torotoro no hany azo ekena handray ny fankasitrahany Andriamanitra. Ao ampiangonantsika dia misy mambra maro

izay tokony hitondra fanatitra betsaka nefa dia tsy mampiseho afatsy ny pitipitiny ho an'ilay zay nahafoy be ho azy.Nandray fahasoavana tsy voatanisa izy nefa indro fa tambin'izany dia kely dia kely no mba foiny ho an'ny Mpanome. Ho an'ireo izay raha ny marina mpivahiny sy vahiny eto an-tany dia aoka hamory manomboka izao harena any an-danitra, amin'ny fandrotsahana fanomezana ao antsopitry ny Tompo izay tena mila izany indrindra. -- Review and Herald 18 décembre 1888.

Ny loza lehibe - Naseho ahy fa tsy hoe tsy manambola akory ao amin'ireo mambra Advantista mitandrina ny andro fahafito. Ankehitriny ny loza lehibe izay mahatratra azy dia ny fanangonan-karena.Misy maro ny tsy manao afa-tsy ny mampitombo ny asa aman-draharaha mandreraka. Tototra izy ireo.Ny vokatr'izany dia hadino tanteraka Andriamanitra sy ny zavatra ilaina amin'ny asany; maty ara-panahy ireny olona ireny. Hangatahina mba hanao fandàvan-tena kely izy ireo, hanao fanatitra...Ampahany betsaka amin'ny harenan'ny mambra ao amintsika dia fatiantoka ho an'izay mifikitra amin'izany.-- Testimonies for the Church, Vol. 1 p.492.

Ellen G. White *Conseils à l'économe* p. 157 - 159



**Vous sondez les Ecritures,  
parce que vous pensez avoir en elles  
la vie éternelle: ce sont elles qui rendent  
témoignage de moi. Jean 5:39**